
# Fihaonambe ny Alahadin’ny sampan-kazo

Ity fihaonambe ity dia natao ny Alahadin’ny sampan-kazo, ilay andro ankalazantsika ny fidiran’i Jesoa tao Jerosalema. Mpandahateny maro no nangataka antsika hifantoka bebe kokoa tamin’ny Mpamonjy mandritra ny Paska.



# Vaovaon’ny fihaonambe



“Mivavaka aho mba hahitanareo fiadanana sy hanampianareo olona maro hafa hahita izany ka hampita izany hatrany hatrany.”

Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Faharoa ao amin’ny Fiadidiana Voalohany



“Manasa anareo aho mba mba hijoro ho vavolombelona matetika kokoa momba an’i Jesoa Kristy.”

Filoha M. Russell Ballard, Filoha mpisolo toerana ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo




“Mitadiava an’i Kristy na aiza na aiza. Mampanantena aho fa eo Izy.”

Rahavavy Bonnie H. Cordon, Filohan’ny Zatovovavy maneran-tany

## Tempoly vaovao

Firy no isan’ny tempoly nambaran’ny Filoha Nelson hatramin’ny naha lasa mpaminany azy tamin’ny 2018?

19 tamin’ny 2018 + 16 tamin’ny 2019 + 14 tamin’ny 2020 + 34 tamin’ny 2021 + 35 tamin’ny 2022 + 15 tamin’ity fihaonambe ity =



_____ no fitambaran’ny tempoly rehetra

## Fiarahana mihira

Olona folo avy eto amin’izao tontolo izao no tonga niara-nihira tamin’ny Amboaram-peon’ny Tabernakely tamin’ity fihaonambe ity! Ampifandraiso amin’ny toerana niavian’ireo mpihira eo amin’ilay sarintany ny anaran’ireo firenena.

